# Ilay Voa Tsara Nafafy 30 Novambra 2018

# 30 Zoma novambra

**Ny amin'ny Vatolampy, tanteraka ny asany ; fa ny làlany rehetra dia amin'ny rariny avokoa. Andriamanitra mahatoky Izy.** Deoteronomia 32. 4

**Fa tsara Jehovah ; mandrakizay ny famindrampony, ary mihatra amin'ny taranaka faramandimby ny fahamarinany.** Salamo 100. 5

## Mahatoky Andriamanitra (1)

Samy takatsika, eo amin'ny fifandraisan'ny samy olombelona, ny atao hoe tsy fivadihana, na ao amin'ny fanambadiana na ao amin'ny fisakaizana. Ny hoe mahatoky dia mendrika hitokisana, matotra, tsy miovaova ao amina fifandraisana. Fa rehefa ny Baiboly kosa no manambara fa mahatoky Andriamanitra, inona no dikan'izany ? Inona moa no nampanantenainy ?

Voalohany indrindra dia nampanantena Jesosy hoe : „Izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy" (Jaona 6. 37). Azontsika atao mandrakariva ny manatona ny Tompo, mitady Azy, ary mivavaka aminy. Mandray antsika Izy, noho ny fahasoavany, ary eo anilantsika, na manao ahoana na manao ahoana ny toetrantsika sy ny ahiahintsika... Manatanteraka izay zavatra nampanantenainy mantsy Izy, ary tsy mahay mandainga (Hebreo 6. 18).

Mahatoky Andriamanitra eo amin'ny fikarakarany ireo zanany. Manomana azy ireo ho an'ny lanitra Izy. Manadio azy ireo Izy, ary manofana azy ireo mba hivelona etỳ an-tany ho voninahiny. Nampanantena Andriamanitra hoe : „Indro, nodioviko ianao... Noho ny tenako, eny, noho ny tenako ihany no anaovako izany ; indrisy, lotoina ny anarako !" (Isaia 48. 10-11).

Mahatoky ihany koa Andriamanitra, amin'izay maha Izy Azy. Ao amin'ny fifandraisany amintsika Izy dia miasa araka ny fahamasinany, ny fahamarinany, ary ny fitiavany. „Tsy mahazo mandà ny tenany" Izy (2 Timoty 2. 13). Eo amintsika kosa dia misy tsy fankatoavana, na tsy finoana mihitsy aza, na angamba fisalasalana. Nefa ny Tompo dia mahatoky mandrakariva. Ary indrindra, tsy handao ireo izay navotany Izy, na oviana na oviana, ary tsy hisy haharombaka azy ireny eo antanany. „Moa efa nilaza va Izy, ka tsy hefainy ? Na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny ?" (Nomery 23. 19).